Ny Valosoa sy hadihady

Tsy fandriampahalemana

Mila mampitombo ny ezaka ataony ny mpitandro filaminana

Niara-nihoraka ny mpandeha tao anaty taxibe 133 avy any Itaosy hizotra hankeny Analakely ny Talata maraina lasa teo. Lehilahy zokinjokiny iray, tsy mbola antitra, no tratry ny sinto-mahery ny finday teny an-tanany, teny amin'ny garazy 67ha eo amin'ny fiantsonana. Vaky hatramin'ny fitaratr'ilay taxibe noho ny tanan'ilay olon-dratsy avy nisintona ilay findainy. Tsy tamin'ny sisin'ny fiara izy akory fa mbola nisy mpandeha iray teo anilany amin'izany toerana izany. Tsy tratra akory io mpisinto-mahery io, fa tafatsoaka anelakelan'ireo trano vy fivarotana samihafa teo. Tsy nisy fihetsika nikarohana izany ny teo ivelany amin'ny sisin-dalana, fa ilay lasibatra indray no nojeren'ny maro. Tranga iray mpiseho andavanandro io, ary amin'ny faritra sy toerana samihafa eto andrenivohitra sy ny manodidina no mbola ahitana izany isan'andro. Tsy lavina, manao ezaka ny mpitandro filaminana. Saika ahitana azy ireo ny arabe samihafa. Miharihary anefa, fa mbola mirongatra ihany ny asan'ireo olon-dratsy, ary tonga hatramin'ny fihetsika vono olona feno habibiana izany. Manana andraikitra lehibe amin'izany ny fitondrana satria iaraha-mahalala, fa ny fototry ny tsy fandriampahalemana dia ny fahantrana sy ny tsy fananan'asa. Mbola maivana dia maivana ny asa ataon'ny fitondrana amin'izany ary tsy mahavaha io olana lehibe io hatreto. Ny mpitandro filaminana no miezaka ao anatin'izany amin'ny famongorana ity tsy fandriampahalemana mampahory vahoaka ity, kanefa mbola mila ezaka lehibe izany raha ny zava-misy ankehitriny no jerena. Hatramin'ny oviana anefa no hahatrarana ny fampihenana, na ny famongorana ity asan-jiolahy sy olon-dratsy tsy mitsahatra ity?

Radafy

Pr Harimalala Joseph

Sasatry ny miarina sy lany andro amin'ny famonoana afo ny mpitondra

Tsy mitsahatra ny maneho hevitra, manoloana ny raharaham-pirenena hatrany ary mampita, sy mampifandray izany amin' ny hafatr'Andriamanitra i Pr Harimalala Joseph. Ho an'ity mpandinika ity dia ambarany, fa tsy sasatry ny miarina sy lany andro amin'ny famonoana afo hatrany ny mpitondra fanjakana ankehitriny, ka mbola mihevi-tena ho ao anaty fampielezan-kevitra hatrany, fa tsy manana vahaolana maharitra manoloana ny olana sy ny fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka. Saika mbola miaina anaty fampanantenana poak'aty hatrany ny vahoaka, raha tsy hilaza ny momba ilay lohamasinina nafarany avy any an-dafy, ka nampanantenaina fa ny 17 Febroary no ho tonga izany, saingy tsy tonga na dia efa nisy daty hafa aza niaioha an'io. Ny vaovao angazety izay milaza, fa taraiky any Chine ny fitaovana hanantanterahana izany kanefa ny kianja efa narodana sy noravana. Ankoatra izay dia eo ihany koa ny fisian'ilay valan'aretina Coronavirus izay miparitaka manerantany, izay toa tsy mahatairan'ny mpampiasa azy indray avy eo, ka hiteraka vonoan'olona faobe indray. Fa isan'ny mampametra-panontaniana ny maro ihany koa ny fihazakazahan'ny mpitondra amin'ny fanenjehana ny fanamboarana ny kianjan'i Mahamasina sy ny Rova io, izay hotokanana ny faha 26 jona izao avokoa hono? Sao lahy ka hisy fanatitra alatsa-drà indray ny fankalazana ny fetim-pirenena, toa ireo efa nitranga nandritra ny fitondran'ny filoha teo aloha nandritra ny fitondrana HVM iny, izay nisehoana faty olona isaky ny fetim-pirenena? hoy ity mpandinika ity, araka ny ambaran' ny soratra masina ao amin' ny Daniela 9:27 manao hoe: "Ary hanorina fanekena ho herinandro amin' ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy fanatitra hafa hatramin'ny antsasaky ny herinandro, ary amin'ny elatry ny fahavetavetana no hihavian'ny mpandrava hatramin'ny fahafonganana voatendry, izay haidina amin'ny mpandrava". Iza-ny hoe raha tsiahivina dia niherina ny 19 Janoary lasa teo ny nanaovan'ny filoha fianianana, izay tsy nankinina tamin' Andriamanitra moa izy iny, ary hisasaka amin'io volana jona io izany tsingerin-taona izany, ka tokony hahamalina ny rehetra izany satria raha izao fitondrana izao dia toa ahitana asan' ny maizina tanteraka, satria heverina fa marina tanteraka ny tenin'i Jesosy ao amin' ny Jaona 8: 44-45 manao hoe: "Hianareo avy tamin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha man-dainga izy dia ny azy no lazainy, satria mpandain-ga izy sady rain'ny lain-ga". Am-panetrentena no ilazana izany eto, hoy ity mpandinika ity satria dia izay tenin'i Jesosy Kristy izay no misy sy miseho eto Madagasikara amin' izao fotoana mikasika ireo fampanantenana marobe, hatramin'ny fotoanan'ny Tetezamita ary mitohy hatramin'izao. Koa antso avo no atao aminareo mpitondra, tarihin'i Andry Rajoelina, mba hiverina amin' Andriamanitra amin'ny fo tokoa amin' ny maha Ray aman-dreninn'ny firenena anao, satria izao no ambaran'ny bokin'i Samoela voalohany 2:30 manao hoe: "Fa izay manome voninahitra Ahy no omeko voninahitra, ary izay manamavo ahy no ho afa-baraka". Fa ety ampa- maranana dia nambaran'ity mpandinika ity, fa tokony hihevitena ny ma-ro manoloana ireo tranga maro miseho maneran-tany, izay efa nambaran'ny tenin'Andriamanitra fa hiseho any amparany any, toy ny firenena mitsangana hamely firenena, fanjakana mitsangana mamely fanjakana, areti-mandoza isankarazany, horohoron-tany, mosary, izay voasoratra ao amin' ny bokin'i Lioka 21: 10-11 moa ireo, izay manambara fa antomotra ny faran'izao tontolo izao, koa izany no hanentanana ny fiverenana haingana amin' Andriamanitra hamonjena ity firenena ity.

Lezama

Filohan'ny CENI Madagasikara

Hanara-maso fifidianana solombavambahoaka any Guinée

Nantsoin'ny Fiombonambe Afrikana hanaramaso ny fifidianana solombavambahoaka hatao any Guinée, ny avy amin' ny CENI eto Madagasikara, tarihan'ny filohany Hery Rakotomanana. Niazo an'i Conakry renivohitr'i Guinée ny 23 febroary teo Andriamatoa Hery Rakotomanana, filohan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, na CENI Madagasikara. Nantsoin'ny Vondrona Afrikanina tokoa izy, ho anisan'ny hanaramaso ny fizotry ny fifidianana solombavambahoaka any Guinée. Hotanterahina amin'ny alahady 1 martsa 2020 izao ny latsabato, raha toa ka efa tokony ho natao tamin'ny 16 febroary 2020. Amin' ny 05 martsa 2020 ny filohan'ny CENI Madagasikara no ho tafaverina an-tanindrazana. Rafitra tratra ny fanakianana be eto amintsika ny CENI, ka mahavariana ihany izao iantsoan'ny Vondrona Afrikanina azy hanaramaso fifidianana any ivelany izao, sady tian'ny Vondrona Afrikana ho feno hosoka teo ny teto amintsika koa ve ny fifidianana any Guinée Conakry?

Stefa

Ny filohan'ny CENI, Hery Rakotomanana.

Distrikan'Antsirabe II

Nandray fahefana ireo ben'ny tanàna miisa 20

Tontosa ny marainan'ny Sabotsy teo, tao amin'ny kianja filalaovam-baolina tao Andranomanelatra Antsirabe II, ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ireo Ben'ny tanàna, izany hoe fanolorana azy ireo ny samboady maha- ben' ny tanàna azy. 20 mirahalahy ireo Ben'ny tanàna ireo ary natolotra tamin'ny fomba ofisialy teo ihany koa ireo filohan'ny filankevitry ny tanàna. Manomboka izao dia feno fahefa- na tanteraka izy 20 mirahalahy ireto ary hanomboka ihany koa ny asa. "Ambara ho ren'ny tany sy ho ren-danitra, fa feno fahefana tanteraka ianareo", hoy Ramatoa Prefetan'Antsirabe ANDRIA- TOMPONERA Voahangy, nandritra ny fametraha ny samboady ireo ben'ny Tanàna rehetra tao amin'ny Dstrikan'Antsirabe faharoa. Notsiahivin-dramatoa Prefet ireo teboka iompanan'ny Planina hoenti-manandratra an'i Mada- gasikara, izay nalaina avy amin'ny veliranon'ny Filoham-pirenena, ka ao amin' ireo teboka 13 lehibe ireo hoy izy no handrafetanareo ny Drafitra hoenti-mampandroso ny Kaomi- nina. Notsiahiviny tamin' ireo Ben'ny Tanàna, fa tsy maintsy miara-miasa amin' ny mpanolotsaina ny ben' ny Tanàna satria fankatoavan'izy ireo no hampandehanana ny asa. Ton- ga nanotrona sy nanome voninahitra izao lanonana goavana izao ny Governora Vy Vato RAKOTOVAO, ary nandritra ny lahateniny no nanambarany fa isika izao no ho mpiara-miasa akaiky hoy izy ry ben'ny tanàna isa-ny, isika no hiandraikitra ny fampandrodoana ety ifotony ary tokony hifanome tanana. Efa vonona ny tetibola ho an'ny fampandrosoana an'i Vakinanka- ratra, ka mivonona amin' ny tetikasa laharampahamehana. Nanome aina sy risika ireo ben'ny tanàna vao nandray ny samboady izany tenin'ny Ray aman-dreny izany ary tsy tokony hanaovana andraso andraso ny fampandrosoana izay imatimatesana. Nitarika ny Lanonana teto Ny Prefet an'Antsirabe, nanotrona sy nanome voninahitra ny Governoran'ny Faritra, teo ihany koa ny filoha lefitry ny Atenimierampirenena faritany Antananarivo no sady solombavam- bahoakan'i Faratsiho, ireo solombavambahoaka tao Antsirabe faharoa, Antsirabe I ary Antanifotsy, ny Lehiben'ny Distrika Antsirabe faharoa, ny talen'ny kabinentran'ny Minisitry ny indostria, ny Mpampakateny ao amin'ny CFM ary ireo manam-boninahitra sivily sy miaramila teto anivon'ny faritra Vakinankaratra sy Distrika Antsirabe faharoa.

Lezama

TONONKALO

ALEO MBA HITAMBATRA ALOHA...

Aleo mba hitambatra aloha ny hadalany,
Ary isika aza maika na dodona foana,
Fa io , efa fantatra izay hianjerany :
Tsy maintsy any an-kady fa miandry fotoana.

Ny tanamasoandron`Ambohitrimanjaka,
Santionany iray amin`ireo hagegeny.
Ny arabo ao Mangoky izay nomena laka,
Fantaro fa mbola fanampiny ireny.

Ny eroa Mahamasina izay noravana
Kanefa mirakitra zavatra tsara,
Dia mbola porofon`ireo hadalana
Na koa tsy fahaizana irony tantara.

`
Lay Manjakamiadana asiam-panovana
Dia mbola mitory ny saina misidina.
Ilaina ny resaka sy teny ierana,
Fa tena tsy mety ny lohan`angidina.

…Aleo mbola hitambatra aloha ny haratsiany,
Mba hiavaka tsara sy ho hitam-bahoaka.
Dia aza rarana amin`ny zavatra tiany,
Fa hianjera ho azy ry tsy misy hapoaka.

DADAN`i ZINA (21-02-20)